


# **ALAHADY SAMPANKAZO - TAONA D2025**



**« Fiadanana anie any an-danitra, ary voninahitra anie any amin'ny avo indrindra »**

**(Lk. 19: 38)**

Ry Kristianina havana, izao Alahadin'ny sampankazo izao no mampiditra antsika amin'ny herinandro masina izay ankalazantsika ny famonjena antsika dia Andriamanitra nanaiky hanavotra antsika, nanaiky nanolotra ny ainy ho antsika, nanaiky ho faty hanafaka antsika amin'ny fahotana. Azo lazaina izany fa tena miavaka tokoa ity herinandro masina atombotsika amin'izao sampakazo izao satria mampiditra antsika amin'ny herinandro ankalazantsika ny taon-jobilin'ny Fanavotana. Marina fa mandritra ny taona manontolo ny fankalazana fa ity no tena ivony ka manasa antsika jiaby fa indrindra izay mbola matoritory hifoha ka samy hiombona hiara-dia isika Mpivahinin'ny Fanantenana.

Vakiteny I : Eks. Iz. 50, 4-7

Tononkira : Salamo 21

Vakiteny II : Fi1. 2, 6-11

Evanjely : Lk. 22, 14 – 23, 56

Masina tokoa ity herinandro ity satria miombona amin'Andriamanitra isika. Masina tokoa izay miombona amin'Andriamanitra. Masina izao herinandro izao satria mampiombona amin'Andriamanitra. Masina isika satria miombona amin'Andriamanitra. Hararaoty ary izao herinandro masina izao hiombonantsika bebe kokoa amin'Andriamanitra. Maro ny famantarana hobanjinintsika mandritra izao herinandro masina izao hanampy antsika mamelembelona ny finoantsika ary ny finoana no hahaizantsika mandray izao herinandro izao ho masina ka mitondra antsika amin'ny Paka izay hahatonga antsika ho zava-boahary vaovao ao amin'Andriamanitra, anambarantsika fa olom-baovao tokoa isika. Izany no dikan'ny fanavaozantsika ny batemy sy andrais'an' ireo olon-dehibe ny sakramenta maha zanak'Andriamanitra amin'ny alin'ny sabotsy masina. Ny fankalazana ny Paka dia ankalazantsika koa ny fijalian'i Kristy izay atomboka ny alahady sampankazo, arakaraky ny taona litorjika no amakiantsika ny evanjely fa ny zoma masina dia ny evanjely nosoratan'I Md Joany ihany, tsy miova. Ka ny taona D tahaka izao dia I Md Lioka no vakintsika ka ny fijalian'I Jesoa araky Md Lioka no banjinintsika amin'izao Alahadin'ny sampankazo izao. Noho ny fitsilovan'ny Fanahy masina dia samy manana ny tsindrim-peo ireo mpanoratra ny evanjely, tsy mpanao reportage, tsy mpanao gazety, tsy mpilaza vaovao izy ireo fa manambara ny Vaovao Mahafaly nentin'i Jesoa. Vaovao satria tsy mbola nisy hatramin'izay ary tsy nosaintsainina, vaovao mandrakariva ny asan'ny Fanahy Masina, araka ny voalazantsika noho ny asan'ny Fanahy Masina dia tsy hoe mahatsiaro fotsiny na fahatsiarovana anniversaire 2025 lasa izay fa noho asan'ny Fanahy Masina dia velona ho antsika. Izany ny fankalazana ka noho izany Vaovao mandrakariva. Ary tsy vitany hoe vaovao fa MAHAFALY. Tena mahagaga tokoa : "lalina sy mahagaga "hoy isika amin'ny fankamasinana amin'ny Eokaristia. Mahafaly satria manambara fandresena ary manambara fiainana. Samy manana ny fomba nanambarany izany Vaovao Mahafaly izay ny Evanjelista tsiraikiraiky.

Raha ny Lioka manokoa dia mifototra amin'ny zavatra telo raha nanoratra ny Evanjely mitantara ny fijalian'I Jesoa Kristy izy.

Ny voalohany dia ny fivavahana, nivavaka tokoa I Jesoa ary ampianariny hanao an'izany isika satria io no lalam-pamonjena ho antsika "*Nahoana ianareo no matory, mifohaza mivavaha mba tsy ho azon'ny fakam-panahy*" Ny ady izay ataontsika amin'izao karemy izao dia miaraka amin'ny vavaka izay fiombonana amin'Andriamanitra, izay no manambara maha zavaboahary antsika raha miombona amin'Andriamanitra isika, koa mivavaha miambena mba tsy ho latsaka amin'ny fakam-panahy. Ny ady rehetra nataon'I Jesoa dia natrehiny tamin'ny alalan'ny vavaka, izay rehetra nataony dia mivavaka. Ny faran-tampon'ny vavaka dia ny fijaliana niainan'I Jesoa tamin'ny lakroa, io no vavaka faran-tampony. Izany no banjinintsika amin'izao Alahady ny sampankazo izao, io no foto-kevitra lehibe ary izany no ataontsika amin'izao herinandro masina izao sy anasana antsika. Aoka hivavaka isika, tsy amin'izao herinandro masina izao ihany raha tiantsika ho zava-boahary vaovao isika, aoka hivavaka lalandava. Ny Mpivahinin'ny fanantenana dia olon'ny vavaka satria izay no mamelebona ny

fanantenana, tahaka an'l Abrahama nanantena na dia tsy nisy tokony antenaina fa olon'Andriamanitra izy, izany hoe olon'ny vavaka.

Izany no mbola ambaran'i Jesoa rehefa niady tamin'ny fakam-panahy izy ka nitodika tamin'i Piera " *Ry Simona, indro I satana mitady hikorokoroka anareo tahaka ny nataony tamiko, izaho mangataka ho anao, mivavaka ho anao mba tsy ho lavo ny finoanao ka raha mibebaka ianao dia hamafiso ny rahalahinao*" Mivavaka ho antsika I Jesoa tahaka ny nataony ho an'l Piera ka tsara raha miroso amin'izany lalam-piainana izany isika, aoka ho fiainam-bavaka ny fiainantsika mba ho Eglizy Olona Velona isika, ny maha Eglizy ny Eglizy dia ny mivavaka.

Ny faharoa tian'l Md Lioka ho tsapantsika dia i Jesoa tsy nanam-pahotana sy tsy manankeloka, " *tsy hita izay maha meloka io lehilahy io*" teny matetika miverina amin'ny evanjely novakantsika androany. Voaheloka tsy ara-drariny I Jesoa ary nahatsapa an'izany ilay jiolahy teo akaikiny ka nanambara tamin'ilay jiolahy namany izay naneso an'l Jesoa nanao hoe " *ny antsika dia rariny izao satria nandray valin'ny ratsy nataontsika isika fa ny azy kosa tsy mba nanao ratsy na inona na inona izy* ". Dia hoy I Jesoa namaly azy " *anio alina ihany dia hiaraka amiko any am-paradisa ianao*". I Jesoa voaheloka na dia olomarina aza ary ny kapiteny teo koa nilaza fa olomarina tokoa io lehilahy io. Tsy maintsy atrehintsika izany ny eso sy ny fanaratsiana, tsy ny zavatra ety ivelany mety mavesatra fa aoka isika hijoro amin'ny finoana tsy misy fihatsaram-belatsihy. Fampianarana ho antsika izany zavatra niseho tamin'I Jesoa izany. Maro ny zavatra miseho teo anivon'ny Eglizy, marina fa tsy antsika no mitsara fa Andriamanitra, fa maro ny voaheloka tsy ara-drariny ka mampalahelo. Misy ny te-hamono antsika, ny mamono vatana no azon'izao tontolo izao atao fa tsy afaka hamono fanahy kosa izy ireo. Hitantsika izany tamin'ny fiainan'ny olontsambatra Lucien Botovasoa izay ankalazaina ny 17 aprily raha ny tokony ho izy fa noho ny herinandro masina dia atao aorian'ny Paka. Nijoro ho olomarina izy, mitaky an'izany tokoa izao androntsika izao, enga anie ny fidirantsika amin'ny herinandro hanampy antsika handresy ny ratsy amin'ny alalan'ny tsara fijoroana ho vavolombelona. Modelin'ny Mpivahinin'ny Fanantenana izy amin'izany satria hita tamin'ny fiainan'ny manontolo fa ady sady dia ny fiainana. Ny fanantenana velomin'ny finoana velona ary entanin'ny fitiavana mirehidrehitra no manosika azy nandresy ny ratsy ka ireo namono azy aza nibebaka, resy ary sambatra mandrakizay izy miaraka amin'I Jesoa nandresy. Aoka amin'ny ady ataontsika mba tsy ho ny olona no iadiana fa ny ratsy manapotika ny fiainana.

Ny fahatelo dia ilay vavaka henontsika teo tsy an-kandrina na amin'ny molotra fa niantefa tamin'ny fiainan'I Jesoa ka nahatonga azy nanolotra ny ainy ary izany ny vavaka farantampony ka raha niaraka tamin'ireo apostoly izy dia nanolotra ny ainy ka tanteraka izany raha nilaza izy hoe ity ny vatako atolotra ho anareo ity ny rako alatsako ho anareo, tanteraka ny fanoloran-tenany, ny fahafoizana izay nataony.

Ny azo asongadina amin'izao fidirantsika ny herinandro masina izao ka hibanjinantsika ny fijalian'I Jesoa araka nosoratan'I Md Lioka dia ny vavaka sy fahafoizana ary fifamelana sy

famindrampo. Azontsika faranana amin'ny vavaka nataon'I Jesoa teo am-pototry ny hazo fijaliana "apetrako am-pelantananao ny fanahiko, Raiko avelao ny helony fa tsy fantany izay ataony," io koa ny teny nataon'ny olontsambatra Lucien Botovasoa. Aoka hahay hifamela heloka isika, hifampizara ny famindram-po, araka ny tenin'I Papa François raha tiantsika ho hisy fandriam-pahalemana ny fiainantsika aoka isika hifamela heloka, aoka isika hifampizara famindram-po, raha tiantsika hanana fiadanam-po isika dia aoka hifamela heloka. Mila mamboly kolontsain'ny fifamelana sy famindram-po isika satria izany no manasitrana ny ratran'izao tontolo izao, io no mitondra amin'ny fihavanana sady kristianina no malagasy hanasitrana ny fiaraha-monintsika marary....

Raha mibanjina ny fijalian'I Jesoa isika, raha miditra amin'izao herinandro masina izao, ady sady dia ny fiainantsika, ady amin'ny ratsy ka ny fototra hanoherantsika izany dia ny vavaka, fanoloran-tena ary fahafoizana amin'ny alalan'ny fifamelan-keloka sy fifamindram-po.

Ampio izahay ry Andriamanitra Rainay amin'izao fidiranay amin'ny herinandro masina izao, mba hiombona bebe kokoa amin'I Jesoa zanakao, amin'izay hahay hamola-tena izahay ka hahay hivavaka bebe kokoa handalina ny finoanay ka hahafoy amin'ireo manodidina anay indrindra ireo mahantra sy voahilika ka hivelona ireo asan'ny famindram-po hanehoanay fa Ray be fitiavana nahafoy an'I Jesoa ianao ka izahay koa irahinao hahafoy amin'ireo manodidina anay. Aokahanahaka Azy izahay ka tena hanana fahafoizana tokoa. Hahafoy ny fitiavan-tena, ny avonavona, fialonana fa hampanjaka ny famindram-po anatin'ny fahamarinana. Raha mahay mifamela heloka sy mifamindra fo izahay dia hiadana tokoa ka hampijoro tontolom-pinoana, tontolom-piaianana sy tontolo iainana vaovao ka zary Zavaboary vaovao izahay. Ho Eglisy Olona Velona mankalaza ny Paka ka hanorina Eglisy Fianakaviam-ben'Andriamanitra, Fratelli Tutti Olo Araiky izay mpiray tampo mifampitsimbina, mifanasoa mikatsaka ny soa iombonana ka ho taranaka mpanorina eo anivon'izao tontolo izao ka na dia misy ny mpanaratsy tsy ho menatra ny finoana izahay fa hijoro noho ny hasin'izao herinandro masina hiainanay izao ka hahatonga anay hivelona ny Paka amin'ny fiainanay andavanandro. Masina Maria, Reny tokoa ianao teo am-pototry ny hazofijaliana, ampianaro izahay hifikitra amin'ny hazofijaliana fa io no lalam-pamonjenena ho anay. Md Josefa, Ray Mpiaro ny Eglisy erantany ianao, ampianaro izahay ho Mpivahinin'ny Fanantenana mamafy hafaliana, fiadanana ary fihavanana sady kristianina no malagasy. Amen

Mompera Arsevka Benjamin Ramaroson